Ny fahizian’ny kolontsaina (kultura identeco de Djesco Fraçois)

Ny fahizian’ny kolotsaina dia izay eken’ny ny fiarahamonina ara-tsosialy, ara-politika, isam-paritra, firenena, foko ary fivavahana amin'ny lafiny soatoavina, fiteny, fomba fisainana, fanao, fomban-drazana ary finoana.

Vao mainka zava-dehibe ny fiheverana ny momba ny maha-kolontsaina, satria miaina krizy ara-kolontsaina sy ara-taranaka ny fiarahamonina ankehitriny. Mazava ho azy fa misy fomba fiasa isan-karazany amin'ny fanontaniana momba ny fahiziana; ara-tsosialy, ara-tsaina, ara-tantara ary samy manorina taranja ianarany ny rehetra. Amin'ity foto-kevitra momba ny siansa sosialy ity ary indrindra momba ny fahizian’ny kolotsaina ity, ahoana ny momba io fahiziana io amin'ny lafiny soatoavina sy finoana?

Efa ela no nolavina ny kolontsaina afrikanina satria resahina ny momba ny bibidia raha tokoy ho ny kolontsaina.

Eken’ny fianakaviana, fiaraha-monina, asa, fahamendrehana, fifanajana ary firaisankina ara-tsosialy ny lanjan’ny fahiziana kolontsaina Afrikana. Eo amin’ny lafiny politika, ohatra, ny firaisan-kinan’ny olona amin’ny ankolafy iray mba hiarahan’izy ireo mahatsapa ny olan’ny fampandrosoana. Fananganana fanjakana nofehezin’ny mpanjaka sy ny olona ambony.

Eo amin’ny fiaraha-monina, ny fahitantsika zavatra sy ny fitandremana hentitra ny fombafomba sy ny fomban-drazana eo amin’ny fiainantsika andavanandro. Ohatra, raha hanambady Afrikana araka ny fomban-drazana, dia tsy maintsy mandoa ny fanomzan-drazazavavy, tsy ny lehilahy ihany no mampiray ny vehivavy, fa ny fianakaviana roa tonta.

Eo amin’ny lafiny toekarena dia hita amin’ny asa ara-toekarena izay ataon’ny tena. Ao amin'ny firenena Moba, ohatra, ny fambolena, ny fiompiana sy ny fandavahan’ny lehilahy ary ny fanaovana labiera eo an-toerana. OKONKWO, mpilalao ao amin'ny tantara "Ny Tontolo Mirodana an'i CHINUA ACHEBE", dia niasa ary nanana trano fitehirizam-bokatra maromaro.

Ara-kolotsaina, ny fitandremana iombonana amin’ny fankalazana sy lanonana mifandray amin'ny fananan'ny razambeny ataon’ny olona. Ny fampiasana Sobadi (brandy eo an-toerana) mandritra ny hetsika mahazatra, ohatra. Ohatra iray hafa: ny safidy ny anarana voalohany ho an`ny zaza vao teraka. Ao Guinland dia misy anarana toa an'i Laté, Folly, Dédé, Kokoé sns ... Andraisan’ny fianakaviana anjara ny fahiziany ara-tsosialy. Ny zanaky ny mpanjaka Aneho dia antsoina hoe LAWSON.

Olona mpino amin'ny ankapobeny ny Afrikana. Mandrisika ny olona hiasa ny fivavahana afrikanina. Ohatra ny fiantsoana fanahy voajanahary mankasitraka ny fambolena, fanangonana ary fihazana, mitovy amin'ireo andriamanitra ejipsianina. Indrisy anefa fa tsy mandrisika ny toe-tsaina hamokatra asa ireo fivavahana nentina ho ao Afrika ankehitriny. Mety ho lasa kolontsaina ny fivavahana rehefa voazimbazimba.

Ny zava-dehibe dia ny fampiroboroboana ny soatoavina ara-kolontsaina afrikana misy antsika na dia eo aza ny fanohinana amin'ny fifandraisana amin'ny sivilizasiona hafa izay mirona hampita ny zava-drehetra. Horaisina, ohatra, ny fananganana orinasa afrikanina zato isan-jato ho an'ny famokarana Lokpo (lamba nentim-paharazana anaovan'ny olona amin'ny fotoana manetriketrika), perla afrikanina antsoina hoe "Jonu".

Ny fahizian’ny kolontsaina dia mitaky ny fitoviana eo amin'ny kolontsaina rehetra ary manilika ny endrika fanandevozana hafa rehetra. Noho izany, mba hahazoana ny lova

ara-kolontsaina sy ny fanavaozana ny fifandraisana iraisam-pirenena, dia mila misokatra amin'ny kolontsaina hafa isika ary mitahiry ny soatoavin’ny razambentsika.

Nosoratan’i Mélonékou Djesco François
Nadikan’i Miora RAVELOHARISON